LOCAL GOVERNMENT INSTITUTIONAL CASE STUDY

KAOMININA AMBANIVOHITRA ISALO

Lohateny: "Nanova zavatra teo amin'ny kaominina ny fananany Ben'ny Tanàna lefitra vehivavy."

Mombamomba ny kaominina

Firenena	Madagascar
Kaominina	Isalo
Karatr'isa voalahany	36
Karatr'isa farany	60
Mponina	14 790
Mampiavaka Manokana	Kaominina mpanondrana tsaramaso any Ivelany
Tompon'Andraikitra	RAZANADRAVAO Marie Joséphine
Andraikitra	Ben'ny Tanàna lefitra
Finday	00 261 33 17 582 11

Anisan'ireo kaominina saro-dalana ao anatin'ny distrikan'ny Miandrivazo, faritra menabe ny kaomina Isalo. Ivo-toerana mendrika izy nanomboka tamin'ny taona 2011. Efa nahatanteraka ny dingana voalohany ka hatramin'ny faha folo amin'ny maha ivo-toerana mendrika azy koa ny kaominina. Efa nandray anjara tamin'ny fihaonambe an-tampony tamin'ny taona 2012 sy 2013.

Raha ny eo amin'ny Miralenta sy ny ady amin'ny herisetra dia efa manana kômity momba izany ny kaominina ary mandray anjara amin'izany ny lahy sy ny vavy. Nanao ezaka koa ny kaominina amin'ny fitadiavana vola mba hahafahana manatanteraka ny drafitr'asa rehetra ka ny fahavitan'ny sekoly sy ny fahazahoana rano fisotra madio no nanamarika izany tamin'ny taona 2012- 2013.

Raha amin'ny lafin'ny herisetra manokana dia nanao ezaka goavana ihany koa ny kaominina satria nahavita trano izy mba handraisana ireo vehivavy iharan'ny herisetra na misitaka. Izany no natao dia mba hiarovana manokana ny vehivavy sy ny ainy. Mandray anjara ihany koa ny kaominina amin'ny fanomezana sakafo ho an'izay niharan'io tranga io.

Toerana mamokatra koa ny kaominina Isalo satria dia isan'ireo mpamokatra tongolo izy ao amin'ny fatritry Menabe. Fa ny tena mampiavaka azy dia eo amin'ny fambolena tsaramaso satria dia betsaka ireo mpandraharaha avy any ivelany no tonga eny an-toerana mividy izany. Na dia eo aza izany vokatra betsaka izany dia mbola mitady mpamatsy masom-boly ny kaominina mba hahafahana mahazo vokatra tena tsara kalitao.

Mandray anjara amin'ny fanentanana ny ady amin'ny VIH/SIDA ihany koa ny kaominina ka ny fikambanam-behivavy no tena mandray anjara amin'izany amin'ny alalan'ny fanentanana isaky ny fivoriana sy fitetezana isan-tokatrano.

Anisan'ny hetsika ara-pahasalamana hita eny an-toerana koa ny fanentanana ny renim-pianakaviana amin'ny fanabeazana aizana satria dia mbola betsaka ny vehivavy no miteraka be loatra ka lasa vesatry ny fianakaviana. Raha ny hita teny an-toerana moa dia vehivavy iray miteraka 4 ka hatramin'ny 5 na mihoatra no betsaka.

Manana olana amin'ny tsy fandriam-pahalemana koa ny vahoaka eny an-toerana. Izany dia noho ny asan-dahalo satria dia isan'ireo faritra mena ny kaomin'ny isalo amin'ny resaka alatr'omby. Tsy manavaka omby angalarina intsony ny dahalo eny an-toerana satria na omby iray fotsiny aza no ananan'ny fianakaviana iray dia efa mampitaintaina ny fiompiana azy satria dia mandry tsy lavoloha isan-kalina.